Niteny Allah manao hoe : Ny asa soa rehetra ataon'ny zanak'i Adama dia azy afa tsy ny fifehezana, Izy io dia ho ahy ary ny tenako no hamaly soa ny aminy

Tatitra azo avy tamin'i Abo Horaira (R.A) niteny : Nilaza ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Niteny Allah manao hoe : Ny asa soa rehetra ataon'ny zanak'i Adama dia azy afa tsy ny fifehezana, Izy io dia ho ahy ary ny tenako no hamaly soa ny aminy. Ny fifehezana dia fiaro, Ka rehefa eo am-panatanterahana fifehezana ny iray aminareo, dia aoka tsy hitabataba na hiteny ratsy. Raha misy manompa azy na mitady ady aminy, dia akoa izy hilaza manao hoe: Izaho dia mifehy! Mianiana aho amin'ilay mitazona ny fofon'aiko eo am-pelatànany : "Fa ny fofona ny fofom-bavan'ny mpifehy dia manitra lavitra mihoatry ny fofon'ny ranomanitra misk". Ary ny mpifehy dia manam-pifaliana anakiroa : "Rehefa hisakafo amin'ny hariva dia faly, ary rehefa hifanatrika amin'ny tompony amin'ny andro farany, dia ho faly noho ilay fifehezana nataony".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nitatitra ny Mpaminany (S.A.W) fa niteny Allah ao amin'ny Hadith Masina (Al-qodsi) manao hoe : Ny asa soa rehetra ataon’ny zanak’i Adama dia ampitomboina folo avo heny ka hatramin’ny fitonjato, afa-tsy ny fifehezana. Izy io dia Ahy satria tsy mba idiran'ny fireharehana ny ao aminy, ary Izaho no mamaly soa izany, ary izaho irery no mahalala ny haben'ny valisoany sy ny fampitomboana ny hatsarana aminy. Avy eo izy niteny hoe : (Ary ny fifehezana dia apinga) sy fiarovana, firakotra ary fiarovana mafy amin'ny afobe. Satria ny fifehezana dia fitazoman-tena amin'ny filan-dratsy sy ny fanaovana fahotana, ary ny afobe dia voahodidin'ny filan'ny nofo. (Koa raha eo am-panaovana ny fifehezana ny iray aminareo, dia aza manao vetaveta) amin’ny firaisana ara-nofo sy ny mialoha-laharana aminy ary ny teny feno vetaveta. (Ary aza mitabataba) amin'ny fifandirana sy ny hiakiaka. (Raha misy manevateva azy na miady aminy) mandritra ny fifehezana dia aoka izy hiteny hoe : Izaho dia olona mifehy hanina. Angamba hajanony izany, raha mbola tsy mitsahatra fa mila ady foana izy, dia aoka izy hanosika azy fotsiny amin'izay farany maivana hatrany hatrany toy ny olona mpanao ny tsy rariny na mpampiasa hery. Avy eo dia nianiana ny Mpaminany (S.A.W) tamin’ilay mitazona ny fanahiny eo an-tànany fa ny fiovan’ny fofom-bavan'ny mpifehy noho ny fifadian-kanina dia mahafaly kokoa an’I Allah amin’ny andro farany noho ny fofon'ny ranomanitra Miska eo aminareo, ary maha be fahasoavana mihaotry ny Misk izay fanaonareo rehefa amin'ny lanonana sy fiaraha-mipetraka eo amin'ny Zikr. Ny mpifehy dia manana fifaliana roa : rehefa manapaka ny fifehezany izy, dia mifaly amin’ny fanjavonan’ny hanoanana sy ny hetahetany, satria navela hisakafo izy, ary mifaly amin’ny fahavitan’ny fifehezany sy ny fiafaran’ny fanompoany, ary fanamaivanana avy amin’ny Tompony, ary fanampiana azy ho amin'ny fifehezana manaraka. (Ary rehefa mihaona amin’ny Tompony izy

dia mifaly amin’ny fifehezany) miaraka amin’ny valisoa sy ny tombotsoa azony.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3546